


## ALAHADY FAHA 30 MANDAVANTAONA - A



### **TIA AN'ANDRIAMANITRA SY NY NAMANA NO MAHA-KRISTIANINA**

Ry Kristianina havana, amin'izao Alahady faha-30 mandavantaona izay hamaranantsika ny volan'ny raozery izao dia foto-kevitra lehibe no arosan'ny Eglizy ho saintsainintsika sy ho halalinintsika ary hivelomantsika eo amin'ny fiainantsika andavanandro, Raha atao teny hafa hivelomantsika izay voalazantsika tamin'ny alahady lasa teo dia NY SAFIDY ka tsy ny lojikan'izao tontolo izao no manentana ny fiainantsika fa ny FAHENDREN'ANDRIAMANITRA ka na dia mafy aza ity KORONTANAVIRUS ITY dia ampian'ny FANAHY MASINA isika miroso amin'ny DEPART VAOVAO, PANTEKOTY VAOVAO ka zary EO V MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA ZARY TABERNAKLA. Izay indrindra no foto-pampianarana amin'izao Alahady faha-30 mandavantaona izao, mba tsy hisavoan-danitra ny resaka fa hivelomana tokoa dia ny maha-kristianina, OLON'NY FINOANA, OLON'NY FITIAVANA, OLON'NY FANANTENANA no arosan'i Jesoa amintsika : TIA AN'ANDRIAMANITRA SY NY NAMANA. Raha tanteratsika io fampianaran'i Jesoa dia tena TABERNAKLA VELONA tokoa isika. Io no lalana manambara ny

tena fiovam-penitra mahery vaika satria miova ho tsara ny fontsika, tsy mifanapotika fa mifampitsimbina sy mifanasoa. Miova ny fifandraisantsika amin'ny zava-boary ka samy mahita fivelarana. Noho izany hanana fiainana mirindra , araka ny averimberintsika matetika hahay hampitraotra ny fiainana andavanandro sy ny finoana

hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona. Koa amin'izao Alahady izao dia ny fototry ny fiainantsika tokoa izany no antintranterin'ireo tenin'Andriamanitra dia ilay lazaina matetika hoe ; ny DIDY ROA LEHIBE izay mifamatotra sy mifameno ary mifampitohy dia ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny namana. Izany no maha Kristianina antsika, hoy isika teo. Io no maneho fa tena mpiara-dàlana amin'i Kristy ka mahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona, ho EO V MISIONERA ZARY TABERNAKLA VELONA.

Vakiteny I : Eks. 22, 21-27

Tononkira : Salamo 17

Vakiteny II : 1 Tes. 1, 5d-10

Evanjely : Mt. 22, 34-40

Nandritra ny volana oktobra izay volan'ny raozery dia nibanjina ireo misterin'ny famonjena antsika isika izany hoe tsy manonona ny toko sapile fotsiny fa mampiditra ireo mystery rehetra ireo ao am-po tahaka ny nataon'i Masina Maria. Tsy hoe vita ny volan'ny raozery ka tapitra eo ny fiainana an'ireo mystery ireo. Sanatria izany. Izao isika no mivelona ny Rozery. Matoa nibanjina azy isika dia ny mba hitahiry azy ao am-po tahaka an'i Masina Maria koa. Raha ao am-pontsika mandrakariva ireo mystery ireo dia ho Kristianina marina isika, ho Kristy mpiara-belona amin'olona manatanteraka ny hafatr'i Jesoa isika.

Ny hafatra nomen'i Jesoa antsika androany dia ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana namana,. Manamabara inona izany? Man,ambara fanajana fototra ny fitiavana. Noho izany izay tia tsy maintsy manaja an'Andriamanitra, manaja ny hafa ary manaja ny tontolo iainantsika. Hiezaka tokoa isika araky ny averintsika matetika ho "generation" mpanorina fa tsy mpandrava isika raha manatanteraka io hafatra arosan'ny Eglizy ho antsika anio io. Raha tena mivelona ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fitiava-namana isika dia maneho ny fihavaozana tiantsika entina araky ny hafatra pastôraly faha-8 any am-pelan-tanantsika. Fanatanterahana io didy roa lehibe io ireo fizarana 6 hitantsika ao amin'ny hafatra pastôraly.

Ny fivelomana an'izany no voalaza amin'ny bokin'ny Eksaody ao amin'ny vakiteny voalohany raha mananatra ireo vahoaka i Moizy dia mananatra antsika koa : "*Aza manao izay mampalahelo ny mpitondra tena sy ny kamboty; fa raha manao izay mampalahelo ireny ianao, dia hitaraina amiko izy, ka hohenoiko ny fitarainany; hirehitra ny hatezerako ka haringako amin'ny sabatra ianareo; ary ny vadinareo ho mpitondra tena, ny zanakareo ho kamboty.*"

Tian'Andriamanitra ho tsapantsika fa ny fifandraisana Aminy ao anatin'ny fahamarinana sy fifankatiavana dia tsy maintsy miantefa amin'ireo manodidina fa indrindra amin'ireo madinika.

Aoka ny trosa ananantsika araky ny ampianarin'i Md Paoly mba ho trosam-pitiavana, aoka hifanasoa isika, hanao ny soa iombonana, hifampitsimbina fa mpianadahy, hoy ny Papa amin'ny taratasy Ansikilika farany. Tsy tokony ho hisy sehatra tsy hidirana ireo didy roa lehibe ireo na amin'ny politika izay matetika lazaina fa sehatra isehoan'ny fitapitaka sy lainga. Lazain'ny Papa fa tsy maintsy mivelona ny atao hoe "*amitié politique*" isika. Ny politika tokoa dia teny grika midika hoe "fikarakarana sy fikatsahana izay mahasoana ny tanana misy anao". Izay no mahatonga ny Papa Paoly faha 6 milaza fa ny fanaovana politika dia fanehoam-pitiavana ambony indrindra. Izany hoe raha io fitiavana lazain'i Jesoa io no iainanana eo anivon'ny politika diamitondra amin'ny fikatsahana ny soa iombonana ka mahatonga antsika ho taranaka mpanorina mahay mandavorary ny fiainantsika andavanandro. Lalana lehibe mahatonga antsika ho Kristy Mpiara-belona, mahatonga antsika ho EOY MISIONERA TABERNAKLA VELONA raha tanterantsika io hafatry ny Papa io.

I Jesoa ao amin'ny Evanjely, raha nisy nanontany azy ny làlam-piainantsika, dia tsy inona ny navaliny fa ny fitiavana an'Andriamanitra sy fitiavana ny namana, io no hanahafantsika an'Andriamanitra ka iombonantsika aminy tanteraka.

Ny hoe mitia an'Andriamanitra sy mitia ny namana ary manaja ny tontolo iainana dia fanaovana ny marina ka mampanjaka ny rariny sy ny hitsiny amin'ireo manodidina antsika : manao soa an'ireo mahantra, mitady ny soa iombonana. Ny fivelomana an'izany dia mitondra antsika amin'ny fampihavanana marina izay averimberintsika matetika sy irintsika tokoa. Tsy ho tanteraka anefa izany raha tsy ao anatin'ny fahamarinana sy anatin'ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Izany no hanahafantsika an'Andriamanitra.

Izany no ambaran'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa raha miteny mivantana amin'ireo Kristianina tany Tesalonika izy, noderainy manokana izy ireo satria nahay nandray ny fampianarany sy ny Evanjely : "*Noho ianareo nandray ny teny tamin'ny fahoriana be sy tamin'ny hafaliana avy amin'ny Fanahy Masina, dia tonga nanahaka anay sy ny Tompo ianareo, ka tonga fakàn-tahaka ho an'ny mpino rehetra any Masedônia sy Akaia kosa indray*"

Ry Kristianina havana, raha mivelona ireo didy roa lehibe izay tena mifameno ireo isika dia zary TABERNAKLA VELONA, zary Kristy mpiara-belona amin'olona tokoa, zary fahazavana sy fanasina àry izany no làlana anorenantsika ny EOVI MISIONERA. Fianakavian'Andriamanitra isika ka olo araiky ao aminy.

Izany no irintsika amin'izao fidirantsika amin'ny volana novambra izay hibanjinantsika ihany koa ireo havantsika izay nialoha làlana antsika izao ka atombontsika amin'ny fankalazana an'ireo izay niaina ny didy lehibe roa mifamatotra tsy afaka misaraka dia ireo OLOMASINA, izany hoe masina izy ireo satria miombom-piainana amin'Andriamanitra araky ny fampianaran'i Md Paoly ao amin'ny Vakiteny faharoa. Raha atao amin'ny teny hafa, Masina izy ireo satria nivelona ireo didy napetrak'i Kristy izay tokana ihany fa samy FITIAVANA.

Ny fitiavana dia manao soa ho an'izay tiana hanehoana ny fitiavana sy mandray ny maha izy azy ny hafa. Izany hoe manome ny maha anao manontolo satria izay ny farantampony amin'ny fitiavana ary izany ny fanambarana ny fitiavana ho an'izay tiana : mandray izay maha-izy araky ny maha-izy azy izay eo amin'ny fiainana iombonana Aminy ka amin'izay zary olo araiky ao amin'Andriamanitra isika sy iray fahamasinana ao Aminy. Izany no antenaintsika raha mibanjina ireo Olomasina isika amin'ny voalohan'ny volana novambra hankalazantsika tsy ho ela intsony, amin'ny alahady ho avy izao.

Ry Jesoa Tomponay ô, ampianarinao anay mazava ny làlana iombonanay Aminao ka hahatonga anay ho tena zanak'Andriamanitra, ary lalana mitondra amin'ny fahamasinana ihany koa tahaka ireo Havana Olomasina : tsy inona izany fa ny fanatanterahana ny didim-pitiavana sy ny fitiavana namana ary ny fanajana ny tontolo iainana izay manambara ny fiombonana Aminao. Koa enga anie izahay ho tia ny Rainao, ho tia ny namanay araky ny

ohatra efa nomenao anay dia hivelona tanteraka ao Aminao izahay ka hiadam-pinaritra, hifanasoa, hifanatsara ary hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, hivelona ny tena fahamarinana ao anatin'ny fihavanana marina tokoa . Amen

Mompera Arserveka Mgr Benjamin Ramaroson